



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-16

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA
NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-003/2019 TAMIN'NY
FAHA-14 AOGOSITRA 2019 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD
DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROJET DE CONSTRUCTION DU PONT
SUR LE FLEUVE MANGOKY, CONCLU LE 12 JUN 2019
ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LA BANQUE ARABE
POUR LE DEVELOPPEMENT ECONOMIQUE EN AFRIQUE (BADEA)»**

Fivoriana faha-3
Natao ny
Talata 22 Oktobra 2019
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA: - Ramatoa ANGELE Solange
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Talata 22 Oktobra 2019, tamin'ny 3 ora sy 50 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2019 tamin'ny faha-14 Aogositra 2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 12 Juin 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)».

Nitohy ny Talata 22 Oktobra 2019, tamin'ny 3 ora sy 50 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena; Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha, rehefa avy niarahaba ny mpivory.

Ramatoa ANGELE Solange, Mpampakateny Jeneraly no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Andriamatoa Filoha, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2019 tamin'ny faha-14 Aogositra 2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 12 Juin 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)» ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa TSARADIA Marco, no nanatanteraka izany ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-22 Oktobra 2019 tamin'ny 9 ora sy 25 minitra, maraina, ny Vaomiera mitambatra izay niarahan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fizakan-tany, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Asa Vaventy, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 12 Juin 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:

- **VAOMIERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA**

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. TSARADIA Marco
3. RAVONJY Tam Téon Luc
4. RATSIMBAZAFY Alain Jean
5. MOHAMAD Ahmad
6. RAFIDIMANANA Narison
7. RAMBOASALAMA Emilien
8. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
9. RASIDIMANANA
10. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
11. RAKOTOMAMONJY Neypatraiky A.
12. RASOLONJATOVO Honoré
13. HENRI Jean Michel
14. RABEKIJANA Solofo Hery

- **VAOMIERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY FITANTANANA NY FIZAKAN-TANY**

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
2. EDIZARD
3. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
4. RAFIDIMANANA Narson

- **VAOMIERAN'NY LALANA**

Andriamatoa isany:

1. IDEALSON
2. VELOTSARA Paul Bert
3. PEPIN Michou
4. RAFIDIMANANA Narson
5. RAVENASY Jean Emanielson

- **VAOMIERAN'NY ASA VAVENTY**

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RASALAMA Léon
2. TSARADIA Marco
3. MBELO Ndriamanamby Jean Germain Odon
4. RABEHAJA Jean
5. RAZARA Pierre Fidele
6. RALALASON Dera
7. ANGELE Solange
8. TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or
9. RASIDIMANANA
10. RANDRIAMISA Nicolas David
11. RASOLONJATOVO Honoré
12. RASOLOMANANA Beby O.

- Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana dia Andriamatoa RAMILISON Ange Richard.
- Ireto kosa ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | |
|---------------------------------|---------------|
| - RAMAROLAHY Christian | MPTDN |
| - RAKOTO Bebiarivola | MAHTP/SG |
| - RAOELIJAONA Bien Aimé | MEF/SG |
| - RAZAFIMAHEFA Ando | MAHTP/Coordo |
| - RAHANIRAKA Haingotiana | MEF/DDP |
| - RAHARIMANANA Dominique | MEF/DDP |
| - RAMANANTSOA Antsivalahiniriko | MAHTP/DAJ |
| - RAJAOFERA Tsiory | MAHTP/DAJ/SLC |
| - RAMANAMISATA Jean Pascal | DG pi/AR |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana ary fa ity volavolan-dalàna ity dia mikasika ny fanamboarana tetezana eo amin'ny renirano Mangoky any amin'ny lalam-pirenena faha-9.

Mitentina 64,24 tapitrisa dolara ny teti-bidin'ny fanamboarana ny tetezana sy ireo asa manodidina azy.

Mpamatsy vola efatra no mamatsy ny fanatanterahana ireo tetikasa ireo:

- **ny 20 tapitrisa dolara dia vatsian'ny BADEA,**
- **ny 20 tapitrisa dolara dia vatsian'ny FSD,**
- **ny 10 tapitrisa dolara dia avy amin'ny OFID,**
- **ny 10 tapitrisa dolara dia avy amin'ny «Fonds Koweitien pour le Développement»;**
- **ny 4,24 tapitrisa dolara dia vatsian'ny Fanjakana Malagasy.**

Marihana fa ny 44,28 tapitrisa dolara dia efa voasonia tamin'ny fifanarahana .

Araka izany, ampahany amin'ireo vola ireo no findramam-bola avy amin'ny BADEA voalazan'ity volavolan-dalàna ity izay mitentina 20 tapitrisa dolara.

Haverina mandritry ny 20 taona ity vola indramina ity, ka ny 7 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny 65%-n'ny trosa no averina fa ny ambiny kosa fanomezana.

Ny tahan'ny zana-bola dia 1,25% ary 0,5% ny "frais de gestion".

Mirefy 880 metatra ny halavan'ny tetezana, 7 metatra ny sakany ary misy "trottoir" mirefy 1,35 metatra andaniny sy ankilany. Io tetezana io dia vita "béton armé", ka 25 santimetatra ny hateviny. Somary miakatra kely noho ny haavon'ny lalana izy io, ka noho izany dia hisy "piste d'accès" mirefy 7 km mankeo amin'ny tetezana.

Hisiny ireo asa fanampiny miaraka amin'io tetikasa io:

- lalan-tany mirefy 10 kilometatra hifandray amin'ny tanàna kely manodidina ny tetezana;
- tsena roa;
- rano fisotro madio 6;
- "poste avancée";
- hisy fanamboarana tohadrano hanondrahana ny fambolena eo amin'ny faritra manodidina.

Any amin'ny volana Jona 2020 no hatomboka ny asa kanefa mialoha izany dia hisy ny "actualisation"-n'ny fanadihadiana ara-teknika rehetra.

➤ **Ireto avy ireo fanontaniana napetraky ny mpivory:**

- 1- Omeo fanazavana fanampiny izahay mahakasika ny "procédure de décaissement"? Fantatra fa manomboka ny volana Jona ny asa, rahoviana no fahavitany?
- 2- Raha ny RN9 no resahana, fantatra fa vita ny lalana mampitohy an'ny Toliara-Analamisampy, fa aiza ho aiza no fitohizan'ny "double voie" Antaninarenina satria ny PK0 dia miainga avy eo amin'ny saritan'i Madagasikara eo Antaninarenina? Eo ihany koa ny tetezana Andranozaza-Ankililoaka izay tsy vita "bitumage"?
- 3- Nasiana resaka teo ny hanaovana ny sekoly, tobin'ny Zandarimaria, CSB Ankatsakatsa. Aoka tsy haverina ny fomba fiasa nanaovana ny RN9 teo aloha. Tsy voaresaka ny "installation de chantier". Nanao ny RN9 ny "Société China Railway". Nisy ny "installation de chantier" izay lasan'ny orinasa. Ho an'io orinasa ve sa mipetraka ho an'ny fanjakana ny "installation de chantier"?
- 4- Mba mangataka fanazavana mikasika fitsinjarana ny vola 64,24 tapitrisa dolara ao anatin'ny "document" mba ho tahaka ny 20 tapitrisa nomen'ny BADEA izahay?
- 5- Pejy aiza no misy ny "frais de gestion 0,5%" alain'ny BADEA?
- 6- Ny UEP ve eo ambany fahefan'ny ARM?
- 7- Iza no manao "audit technique"-n'ny tetikasa, tolo-bidy nasionaly ve sa iraisam-pirenena?
- 8- Inona ny «montant non affecté» izay mitentina 2 400 000 dolara?
- 9- Ahoana ny «contrôle et suivi»; inona avy ireo tombotsoa ara-tsosialy sy ara-toekarena entin'ny tetikasa?
- 10- Hazavao ny «Fonds d'Entretien Routier» izay niova ho «Fonds Routier»; toy izany koa ny «Autorité Routière de Madagascar» izay lasa «Agence Routière» ?
- 11- Efa nisy fanadihadiana mikasika ny fiantraikany ara-tontolo iainana ve io tetikasa io?

12-Ahoana ny momba ny «immunité et privilège de la BADEA» ao amin'ny «section 6.04» mikasika ny «conditions générales des accords de prêt et des garantis», tsy efa tokony hasiana «mise à jour» na «révision» ve izany?

13-Inona no “risques” tsy hahavitan'ny tetikasa?

14-Io 20 tapitrisa dolara io ve no vola hanatanterahana ny tetikasa sa ny vola 64,24 tapitrisa dolara?

➤ **Ireto kosa no valin'ireo fanontaniana ireo:**

1- Araka ny asa vita no andoavana ny vola. Raha ny “procédure” dia alefa any amin'ny “agence routière” ny “facture”. Ny “agence routière” no mandefa azy ary avy eo alefa any amin'ny “Finances”. Ity farany no mandefa azy any amin'ny mpamatsy vola. Hiezaka izahay mba hifampiresaka amin'ny “agence routière” mba hanafainganana ny “procédure”. Efatra taona sy tapany no fe-potoana hanaovana ny asa izay hatomboka amin'ny volana Jona 2020.

2- Ireo asa ireo dia vatsian'ny OFID vola, fa tsy miaraka amin'ny BAD intsony. Manomboka amin'ny taona ho avy ihany koa ny asa. Izy ity dia miavaka fa tsy miaraka amin'ny famatsiam-bolan'ny BAD.

3- Nanao fifanarahana manokana tamin'ny tompon'ny tany ny orinasa satria tsy nahita tanim-panjakana dia voatery niverina tamin'ny orinasa ny “installation de chantier”; fa manomboka izao kosa ho hentitra ny tenin'ny Minisitry, fa tsy maintsy hitady tanim-panjakana hanaovana ny “base vie” an'ny “mission de contrôle” mba hiverenan'ny tany amin'ny fanjakana amin'ny manaraka mba hanaovana fotodrafitrasa ho an'ny vahoaka.

4- Toy izao no fitsinjaranan'ny vola 64,24 tapitrisa dolara:

- 20 tapitrisa dolara BADEA
- 20 tapitrisa dolara FSD
- 10 tapitrisa dolara OFID
- 10 tapitrisa dolara FKD
- 4,24 tapitrisa dolara Fanjakana Malagasy

Ny voaresaka eto dia ny findramam-bola avy amin'ny BADEA ihany.

5- Hita ao amin'ny pejy faha-5 ny “frais de gestion 0,5%” izay vola alain'ny BADEA amin'ireo vola izay tsy ampiasantsika.

6- Mbola hanaovana tolo-bidy iraisam-pirenena ary ilana fankatoavana avy amin'ny mpamatsy vola ny hiandraikitra izany, fa ezahana kosa ny hahazoan'ny mpandraharaha na orinasa Malagasy azy.

7- Natao mba hialana amin'ny «imprévus» toy ny fiovaovan'ny vidin-javatra sy ny loza voajanahary mandritra ny fanatanterahana ny tetikasa no mahatonga io «montant non affecté» io.

- 8- «Agence Routière» no manatanteraka ny asa, fa hanaovana «appel à candidatures» ireo tomponandraikitra hanao ny «contrôle et suivi», izay mipetraka any an-toerana hanatanterahana ny asa. Misy ihany koa ny «Bureau d’Etudes» mipetraka tanteraka any amin’ny toerana hanatanterahana ny asa mba hanampy ara-teknika.
- 9- Ny ARM dia mibaiko, fa ny AR no manatanteraka ny asa. Teo aloha ny FER dia mijanona teo amin’ny fikojakojana ny lalana, fa ankehitriny izy tena efa miroso amin’ny fanamboarana ny lalana.
- 10- Tsy manaiky mihitsy ny mpamatsy vola raha tsy misy ny fanadihadiana momba ny fiantraikany ara-tontolo iainana ary anisan’ny fepetra fototra ahazoana ny famatsiam-bola izany. Tsy maintsy misy tombotsoa ara-toekarena ho an’ny mponina ny tetikasa.
- 11- Tsy maintsy manaraka ny fepetra apetraky ny mpamatsy vola raha hindrana vola aminy. Misy ny «fonds public» ifanarahana amin’ny BADEA. Afaka mametraka koa izy fifanarahana amin’ny sampandraharaham-panjakana izay tsy ambara telo.
- 12- Ampahan’ny vola hanatanterahana ny tetikasa ihany ny 20 tapitrisa dolara, fa ny 64,24 tapitrisa dolara no tena fitambaran’ny vola hanatanterahana ny tetikasa rehetra.

➤ **Nisy koa ny fanamarihana nentin’ireo mpivory:**

- 1- Maro ny asa efa vita fa ny “suivi” no tena banga sy tsy ampy. Amin’ny fotoana mampandeha ny asa dia tokony hampandrenesinareo ny Parlemantera. Tokony hisy “garantie” lavalava kokoa, fa tsy iray taona fotsiny. Mikasika ny fanatanterahana ny asa dia mazana omena ny mpandraharaha any ivelany kanefa izy ireo mbola maka “sous traitance” atỳ amin’ny orinasa Malagasy.

Misy “garantie” 10 taona io tetezana io; mikasika ny masontsivana fisafidianana ny orinasa hanao ny asa dia misy ny lalàna mifehy ny tsenam-baro-panjakana nasionaly sy iraisam-pirenena, ka io lalàna io no mamaritra ny fepetra ahafahana misafidy ny orinasa hanao ny asa. Ezahana hasiana tatitra ara-potoana mikasika ny fizotry ny asa atỳ amin’ny Parlemantera.

Amin’ny fanaraha-maso ny tetikasa dia nangataka mihitsy ireo mpamatsy vola mba hisy “Unité d’Exécution de Projet” na UEP any Befandriana, fa tsy atỳ Antananarivo.

- 2- «Accord de prêt» izy ity, ka ny zava-dehibe tokony ho hita dia ny hoe inona no “impacts positifs” sy “impacts négatifs” vinavinaina, fa hitranga mba ahafahana miomana mialoha. Raha resaka “contrôle et suivi” izany, efa misy ny Vaomieran’ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

- 3- Mipetraka mazava ny tombony, efa voafaritra daholo ny hampiasana ny vola, misy "expropriation" ka tokony hatsofoka ao anatin'ny fifanarahana atao amin'ny mpamatsy vola ny fananganana ny Birao Ifoton'ny Fananan-tany mba hisorohana ny fakana ireo tanin'ny tantsaha; amin'ny manaraka dia tokony hapetraka ao anatin'ny volavon-dalàna ny BIF.
- 4- Rehefa hanatanteraka ny tetikasa, tokony hiresaka amin'ny Solombavambahoaka voafidy ao amin'ny Faritra izay misitraka ny tetikasa ianareo tomponandraikitra mba hanazavana amin'ny olona ny tetikasa.
- 5- Marihana fa ampahany amin'ny fanamboarana ny tetezana io vola io.

Rehefa vita izay dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Taorian'izay dia nankatoavin'ny Vaomiera mitambatra ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2019 tamin'ny 14 Aogositra 2019 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 12 Juin 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)*», ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora 45 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Adriamatoa Filoha.

Marihana fa Andriamatoa Mpampakatenin'ny Vaomiera ihany no nitondra fanitsiana mikasika ny tatitra teo ampamakiana izany.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, sao misy manana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakiana teo araka ny fanitsiana nentin'ny Mpampakateny. Nomarihany fa mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa fanitsiana ny tatitra no hatao. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba izany ny Solombavambahoaka.

Ny solotenan'ny Governemanta kosa nitondra fanitsiana toy izao manaraka izao: Andriamatoa RAMAROLAHY Christian; Minisitry ny Paositra sy ny Teknolojia ary ny Kajy Mirindra, misolo toerana ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola; nanambara fa ao amin'ny pejy faha-4, tsy 64 tapitrisa dolara no izy fa 64,24 tapitrisa dolara no tetibidin'ny fanamboarana tetezana.

Ao amin'io pejy io ihany, tsy mety loatra ny itenenana hoe: efa azo antoka ny fahazoana ny vola satria mbola tsy nankatoavina teto amin'ny Antenimierampirenena izy ity, fa izao entina eto anatrehantsika ankehitriny izao. Aorian'ny fahalaniany vao tokony hilaza io teny io isika na dia efa vita sonia aza ny fifanarahana.

Marihana etoana fa ny vola 20 tapitrisa dolara vatsian'ny BADEA ato anatin'ny tetikasa no angatahana fankatoavana avy amin'ny Antenimierampirenena.

Mikasika ny “frais de gestion” kosa, efa “condition” apetraky ny banky toy ny BADEA izany ka io 0,5% io no alainy rehefa mametraka vola ao aminy.

Ramatoa RAKOTO Bebiarivola, Sekretera Jeneralin’ny Minisiteran’ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy indray nanamarika ao amin’ny pejy faha-6, valim-panontaniana faha-3 mikasika ny “base vie”, fa ho an’ny “champ de contrôle” mihitsy io satria tanim-panjakana no hanaovana azy ary rehefa manatanteraka asa isika, tsy maintsy misy “bureau d’études” manara-maso ny asa hatao ary hipetraka any an-toerana izy. Izay no fanamarihana entina amin’ny resaka “champ de contrôle” amin’io valim-panontaniana io.

Fanamarihana eo amin’ny valim-panontaniana faha-6, miankina amin’ny ARM ny UEP na “Unité d’Exécution de Projet”.

Ao amin’ny pejy faha-8, teboka faha-3, voafaritra daholo ny fampiasana ny vola, misy “expropriation” ka tokony hatsofoka amin’ny fifanarahana; ampiana hoe: “amin’ny manaraka” aorian’ny teny hoe fifanarahana satria tsy azo amboarina intsony ity “accord de prêt” ity.

Rehefa izany, niangavy an’Andriamatoa Minisitry mba hanao fampahafantarana ireo solotena miaraka aminy, Andriamatoa Filoha.

Samy nanolotra ny tenany ireo solotenan’ny Governemanta, ka Andriamatoa Minisitry ny Paositra no nanao izany mialoha ary nifarana tamin-dRamatoa RAHARIMANANA Dominique avy amin’ny Minisiteran’ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Marihana fa miisa 10 ny solotenan’ny Governemanta nanatrika ity fivoriambe ity.

Talohan’ny nirosoana tamin’ny adihevitra ankapobeny, nomen’Andriamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Minisitry mba hanazava ny antonanton’ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa RAMAROLAHY Christian; Minisitry ny Paositra sy ny Teknolojia ary ny Kajy Mirindra.

Tetikasa entina hamatsiam-bola na “accord de financement” tafiditra amin’ny fanatanterahana ny tetezana ao amin’ny «fleuve Mangoky» izay mirefy 880 metatra ity fifanarahana ity. Marihana fa raha vita ity tetezana ity, izy no lava indrindra eto Madagasikara.

Hisy fotodrafitrasa hapetraka manodidina izany tetezana izany, mba hahatonga azy hanarapenitra kokoa. Hamboatra “barrage” eny akaikiny mba ahafahana manondraka ireo lemaka fambolem-bary mirefy hektara maromaro manamorona ny “fleuve Mangoky”.

Miisa 4 ny famatsiam-bola ho azo amin’ity tetikasa ity ary mitotaly 64,24 tapitrisa dolara no fitambarany. Ao anatin’izany no misy ny “accord de financement” avy amin’ny BADEA izay mitentina 20 tapitrisa dolara ary averina ao anatin’ny 20 taona ny vola indramina. Marihana fa ny 7 taona voalohany dia tsy andoavana renivola, fa ny “charge d’intérêt” no averina. Natao izany mba hahazoantsika misitraka ny fotodrafitrasa indrindra koa mba hampisy fiantraikany mivantana amin’ny toe-karena amin’izay mba afaka mamerina tsikelikely ny vola nindramina isika.

Amin'ny maha-“prêt concessionnel” azy, 35,56% eo ho eo no “don” na fanomezana fa ny vola ambiny kosa tsy maintsy averina. Misy ny antsoina hoe “frais de gestion” amin'ny maha banky azy, ka izay vola tsy lany dia akana 0,5% isan-taona. Izany hoe arakaraky ny “décaissement” ataontsika no tokony hahalany an'io vola io.

Efa nosoniavina tamin'ny 12 Jona 2019 teo ity fifanarahana ity ka izao entina eto amin'ny Antenimierampirenena izao, mba hangatahana ny fankatoavana avy aminareo Mpanao Lalàna.

Manentana antsika mba hankatoa ity fifanarahana entinay eto anatrehanareo ity izahay avy amin'ny Fahefana Mpanatanteraka.

Rehefa izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitra tamin'ny famelabelarana nataony, Andriamatoa Filoha.

Nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka izay handray fitenenana, iangaviana hanangan-tànana mba handraisana ny anarany.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert nanambara fa mazava ny tatitra ary i Madagasikara manontolo mihitsy no hahazo tombotsoa raha izao findramam-bola izao no jerena.

Eo anatrehan'izay, hamafisinay etoana ny fanambarana fa hitohy ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny Governemanta sy ny Parlemanta, ka rehefa hanomboka ity asa goavana ity, ny Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toliara mihitsy no hitarika ny Delegasiona Parlemantera ho any an-toerana sady hitondra fanazavana amin'ny vahoaka mikasika ny fanatanterahana ny asa hatao.

Teo ampamaranana ny teniny, nanentana ny rehetra mba handany ity volavolan-dalàna ity ny tenany.

Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred kosa nanamarika fa lafiny ara-teknika roa mikasika ny findramam-bola no nasiany teny. Momba ny “intérêts” alain'ny banky, raha amin'ny firenena hafa atỳ Afrika, tsy mihoatra ny 1% izany. Tsy misy soso-kevitra azo hampihenana izany ve satria azo lazaina fa mbola ambony io taha io.

Raha ny OFID sy ny BADEA, mpamatsy vola samihafa izy ireo. Ho an'ny OFID, ny firenena no mandoa ny hetra ho an'ny orinasa manao “appel d'offres”; ny BADEA kosa no mandoa ny hetra rehetra ho an'ny firenena ampindraminy vola. Noho izany, angatahana ny OFID mba handoa manontolo ny hetra ho an'ny firenena iray ampindraminy vola toa an'i Madagasikara.

Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina indray nanamarika fa nisy fanontaniana tsy voavaly mikasika ny “risques” mety tsy hahavitan'ny tetikasa satria raha misy iray amin'ireo mpampindra-bola tsy manome vola; mety hijanona ve ny tetikasa sa tsia.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien nilaza fa voakasika ao anatin'ny tetikasa ny Distrikan'i Morombe sy Manja; izany hoe mampifandray Faritra roa dia ny Faritra Atsimo-Andrefana sy ny Faritra Menabe. Noho izany, misaotra ny fanjakana satria raha tsy misy io tetezana io, voatery mihodina 2500 kilometatra izahay rehefa miala ny Faritra misy anay.

Tombotsoa ho antsika rehetra ity koa mangataka antsika mba handany ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa TOVONDRAV Retsanga Brillant De L'Or nanambara fa hamaritra tantaram-pirenena ity volavolan-dalàna ity. Mankasitraka ny Filohampirenena satria azo antoka fa hamboarina koa ny RN7, RN13, RN27, RN12A ary ny RN18 raha misy fampindramam-bola hanaovana tetikasa tahaka ity voalaza ity.

Miangavy anao, Andriamatoa Minisitry, mba hampita ny fisaorana any amin'ny Filohampirenena satria hanankarena isika raha vita ny lalana amin'ireo toerana mamokatra satria hitobaka ny vokatra ka ho voalao ny trosa.

Noho izany, manentana antsika handany ny volavolan-dalàna.

Nilaza kosa Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin fa ombany manana izay rehetra voalaza teo hoe hitondra fampandrosoana ity tetikasa ity kanefa ny vahoaka Malagasy rehetra no handoa ny vola nindramina. Tsapa anefa fa vitsy ny Faritra hisitraka izany ka eo no somary hanahirana. Raha izao no izy, mety ho voatora-baton'ny vahoaka ianareo Mpanatanteraka rehefa hanao tatitra aminy izahay satria tsy nahazo na inona na inona ny Distrikan'i Marolambo. Fantany fa anisan'ny hamerina izany vola nindramina izany izy ireo ka izay no mety ho olana; koa mangataka mba hataonareo mitovitovy ny fitsinjarana ny fanatanterahana ny tetikasa amin'ny manaraka.

Mitaona ny namana anefa mba handany ny volavolan-dalàna satria tsapa fa tsara ny hisian'ny fampandrosoana.

Nanaiky kosa Ramatoa ZAFINANANDRO Perle Bien Aimée fa nahazo 100% tamin'ny tetikasa ny Distrikan'i Faradofay izay niaviany, ka nanentana ny rehetra izy mba handany ny volavolan-dalàna.

Fanampin'izay, nangataka ny hanadiovana ny fitantanana ny tetikasa ny tenany ary kalitao tsara no andrasana amin'izany satria ho lovain'ny zanaka aman-jafy ny tetikasa hatao.

Manolotra fisaorana ho an'ny Filohampirenena amin'ny fitadiavany lalana hampandrosoana ny firenentsika; goavana ny tetikasa ary maro ny mbola ho avy.

Marihana fa tokony hatao koa ny fanamboarana ny lalana Faradofay – Ranomafana satria sompitra no eo anelanelan'ireo toerana ireo.

Voalazan'ny PGE natolotr'Andriamatoa Praiminisitry ny hanamboarana ny lalana Morondava-Bekopaka hoy Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, koa mangataka ny hametrahana tetezana toy ny hita amin'ity tetikasa ity izahay satria mampitohy ny Faritra Menabe sy Melaka ny toerana misy anay; izany hoe misarika mpizahatany, ka anisany tokony hisitraka zavatra tahaka izao.

Mangataka fanazavana amin'ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny alalan'ny tamberim-bidy rahatr'izay ka vita ny tetikasa.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana Andriamatoa Minisitry mpisolo toerana ny Minisitry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola, mba hamaliany ny fanontaniana sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka.

Nambaran'Andriamatoa Minisitry fa nisy teboka maromaro ny zavatra noresahan'ny Solombavambahoaka teo.

Mikasika ny «taux d'intérêt» tsy 1% fa 1,25% no namaliany ny fanontaniana voalohany: fifanarahana tamin'ireo firenena Arabo mpamatsy vola izy io, ka tsy voatery hahazo tombony betsaka foana isika Malagasy satria tsy maintsy misy zavatra azo leferina ihany amin'ny fifanarahana tahak'izao. Nomarihany fa tsy ny totaliben'ny 20 tapitrisa dolara no handoavana io «taux d'intérêts 1,25%» io fa araka ny voalaza teo aloha, ny 7 taona voalohany dia tsy andoavana renivola fa ny «charge d'intérêt» no averina amin'izany. Koa rehefa atao ny kajy, tsy lafo loatra ary tsy mamono antoka an'i Madagasikara io «taux» voateny io.

Raha momba ny «risques», tsy tokony hanana ahiahy ny Solombavambahoaka eo amin'ny fampiasana ny vola izay indramina satria mahatratra 20 tapitrisa dolara ny «gap» ary tsy tetezana fotsiny ihany no hamboarina fa ao koa ny fanamboarana «barrages» hitaritana rano ahafahan'ny mpamokatra mampitombo ny vokatra any an-toerana.

Heverina fa be loatra ny vola 64 tapitrisa dolara indramina raha toa fotodrafitrasa iray no hatao amin'io vola io. Hiteraka fampandrosoana ho an'ny Faritra misy ny tetikasa ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa rehetra ireo ary afaka manome fanampim-panazavana mikasika izany ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany raha ilaintsika izany.

Manamafy ny fanamby napetraky ny Filohampirenena momba ny fambolem-bary mahatratra 100 000 hektara ihany koa izany.

Manantena ny hankatoavanareo Antenimierampirenena ity fifanarahana ity izahay satria antoka iray lehibe ahazoantsika vola entina hamatsiana tetikasa fampandrosoana izany satria iray no sisa amin'ny fifanarahana hosoniavin'ny firenena Malagasy rehefa lany ity volavolan-dalàna ity. Fantatra fa rehefa manao «levée de fonds» isika, sarotra ho an'ny mpamatsy vola no manome fanampiana raha toa tsy mbola misy zavatra vita na natsangana na iray aza. Kely sisa ny «gap» eto, koa heverina fa hisy fanantenana ny ahazoana an'io vola 20 tapitrisa dolara avy amin'ny FSD io.

Nomarihany, fa izay vola azo na amin'ny ampahany aza dia afaka anombohana fotodrafitrasa avy hatrany ary tsy voatery hiandry ny totaliben'ny vola isika vao hiasa mba hialana amin'izay «risques» eritreretintsika izay; kely ihany izany raha toa misy.

Teo ampamaranana ny teniny, hatao vaindohan-draharaha ny fananganana ity tetikasa ity, hoy Andriamatoa Minisitry, satria anisan'ny Faritra manankarena iny Faritra iny raha eto Madagasikara no resahana, saingy mahantra ny mponina ao aminy.

Hiteraka tombony ho an'ny mponina any an-toerana sy ny vahoaka Malagasy rehetra ny fanamboarana ity tetezana mirefy 880 metatra ity satria hampiroborobo ny fizahan-tany eto amin'ny firenena mba ahafahana mamerina ny vola nindramina.

Ho avy atsy ho atsy ny fandinihana ny «loi de finances 2020», ho tonga eto avokoa ny Minisitra isan-tsokajiny ka amin'izay fotoana izay no hapetraka ireo Faritra tokony hasiana fotodrafitrasa izay hatao laharam-pahamehana.

Ho an'ny Distrikan'i Marolambo manokana, hisy fotodrafitrasa hatao any na tsy tetezana aza fa matokia ianao Andriamatoa Solombavambahoaka.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony ny Solombavambahoaka, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2019 tamin'ny faha-14 Aogositra 2019 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 12 Juin 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)*» ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ireo andininy ao anatin'ny fifanarahana ireo, fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 71 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ary tsy nisy nilaza fanemorana.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2019 tamin'ny 14 Aogositra 2019 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 12 Juin 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)*».

Taorian'izay, raha nandray fitenenana, Andriamatoa Minisitra, fisaorana ny Antenimierampirenena tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna no nataony ary nilaza koa izy fa zava-dehibe amin'ny Governemanta ny fahalanian'izany satria afaka miroso amin'ny fanatanterahana ny tetikasa ny Fahefana Mpanatanteraka.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitra, Andriamatoa Filoha, tamin'ny fihonana natao teto dia nampahatsiahy ny Solombavambahoaka fa ny Alarobia 23 Oktobra 2019, amin'ny 10 ora maraina, hisy fivoriambe hihainoana ny tatitry ny asa vitan'ny Vaomierampirenena Mahaleotena momba ny Zon'olombelona na ny CNIDH, ka nanentana azy ireo hamonjy an'io fivoriana io izy.

Niato tamin'ny 5 ora sy 25 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.



NY FILOHA

RASOLONJATOVO Honoré